# FANAMBARANA

Iaraha-mahalala ny fahalatsahan'ny Firenena an-katerena ankehitriny vokatry ny adilahy politika tsy hita laniny,tsy mety misy fahatoniana , etsy andaniny ny tsy Fandriam-pahalemana izay efa tena mampiteny ny moana,lasa tantely afadra-kotra ny harem-pirenena satria manjaka ny herin'ny vola ary maivan-daja ny Fahamarinana .

Toa mifampijerijery fotsiny ny mpiray Tanindrazana satria Lasa Biby fahatahorana ny mpitondra fanjakana .

Manoloana izany rehetra izany dia nijoro ny Tangalamene ZAKARIASY Patrick MAHATSIARO FA MANANA ADIDY, mampisokatra ny mason'ny Mpiray Tanindrazana AMIN'NY GABORARAKA SY TSY FANDRAISANA ANDRAIKITRA ataon'ireo tandrify izany.Nefa fanta-poko fanta-pirenena ny "SANDAN'NY FILAZANY IZANY MARINA IZANY".

Ny Tangalamena ZAKARIASY Patrick dia mitovy aminny Tangalamena rehetra ; Ray amandreny, Mpitana ny Hazomanga ,Mpitondra ny jirony Fiaraha-monina,Taratry ny FIHAVANANA samy Malagasy,To teny aminny Fiaraha-monina...

Nefa ankoatra ireo dia VATO NASONDROTRY NY TANY AVY AMIN'NY FOKO BETSIMISARAKA TSY MISARADRAHA MAGNANO ihany koa Ny Tangalamena ZAKARIASY Patrick .

Noho izany dia mampalahelo anay ny Fampitoviana azy aminny JIOLAHY SY NY FANDRAHONANA ATAO AMINY ary ny Fanampenam-bava azy aminny FIAROVANY NY HAREM-PIRENENA IZAY TENA ANDRAIKINY TOKOA NY MANAO IZANY.

Efa nandeferanay ny fangoronana ny tany sy toerana manantantara maro dia maro eto TOAMASINA fa tsy ekeney kosa raha NY RAY AMAN-DRENY FANAONAY ANJORO FIRARAZANA NO ATAO TOY NY VALALA NOSAMBORIM-BOKA . TENA MANAZIMBAZIMBA Loatra ny FOMBA SY NY HASIN'NY BETSIMISARAKA LOATRA IZANY.

MANAO ANTSO AVO AMIN'NY FARITRA REHETRA MITOVITOVY FOMBA AMAM-PANAO , MANANA NY SOA TOAVINY MANOKANA IZAHAY HO FIRAISAN-KINA " FIAROVANA AN'I TANGALAMENA ZAKARIASY Patrick avy AMIN'NY FOKO BETSIMISARAKA " SATRIA NY MAHARARY ANAY ANDROANY MBOLA HANJO ANAREO RAHAMPITSO.

TSY MANAIKY LEMBENANA AMIN-IZAO FANALAM-BARAKA SY FAMEREZAN-JO NY TANGALAMENANY IZAO NY FOKO BETSIMISARAKA

ADAO HITAMBATRA HO VATO RY VAHOAKA MALAGASY FA MASINA ARA-BAKITENY NY TANINDRAZANA ARY AZA MANAIKY ZARAZARAIN'NY SASANY AMIN'NY PAIK'ADY POLITIKANY

Association (ARIA V) — TANGALAMENA — VAVANSAKA - NAHVO

RAZAFIMANANTENAINA Aurélien — EDMOND François

Association Zanaka Andalam-pority (AZAT) P/ Le Président — LAHAAY. — BOTO Bernard. Notable

SABOTSY — Vavisoa Marcelline présidente Fikambanana

SOLO René.

DAKOTRE Joseph — EDDIN John

Alexandre Ninit